



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha · Tenindrazana · Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-88

**LANONAM-PANOKAFANA NY FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA
FAHAROAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2020**

Fivoriana Voalohany
Natao ny
Talata 20 Oktobra 2020
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

FOTOANA: Talata 20 Oktobra 2020, tamin'ny 11 ora sy 30 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2020.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

- Lakolosy -

Ramatoa FILOHA

Tompokolahy sy Tompokovavy;

Miarahaba antsika tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2020 izao.

Izao isika dia hiditra amin'ny votoatin-draharaha, koa iangaviana ny Mpitantsoratra hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

Andininy 75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniahana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

Vita Ramatoa Filoha.

- Kabary nataon-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -

Ramatoa FILOHA

Andriamatoa Minisitry ny Atitany sy Fitsinjaram-pahefana; solotenan'Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta;
Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona;
Andriamatoa sy Ramatoa mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena;
Andriamatoa Filohan'ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy;
Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony Miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna;
Andriamatoa sy Ramatoa Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta;
Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina;
Andriamatoa Talen'ny kabinetran'ny Vaomiera Mahaleotena Misahana ny Fifidianana;
Ramatoa Kaomiseran'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miahy ny Zon'olombelona;
Ianareo manam-boninahitra Sivily sy Miaramila izay manatrika etoana;
Ianareo mpanandraharaha namana ato amin'ny Antenimierampirenena;
Ianareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery samihafa;

Tompokolahy sy Tompokovavy.

Tsy satri-pangady, hono, ny hitrandraka andrin-tany mahery, fa asesiky ny zara-arahaha. Tsy nahim-pon'ny antsy ny hikapa taola-mahery, fa asesiky ny tàna-mandrasa.

Izaho kosa eto raha hanao ny lahateny dia terem-panahy, entanim-pitiavana ary indrindra didian'ny adidy ka mandray ny manandrify; na izany aza, ny teny hono tsy tonontononina fotsiny fa misy ny hajany. Fady antsika rahateo koa ny mitratrevatrava, fa tsy maintsy mandadina mora handahatra, fa izany no fomba mendrika. Koa manaja anareo, Tompoko. Salanitra ianareo aza marofy.

Faly miarahaba koa ho santatry ny tafa. Ny arahaba atolotro anareo manjarina aina ary ny firarian-tsoa manjarina nofo.

Mankasitraka koa, mankatelina, amin'izao fahatongavanareo maro izao; na vahiny mpanotrana izany na tompon-trano. Voninahitra sy haja lehibe ho an'ity Andrimpanjakana ity izao fihetsikareo izao, ka ho tahian-Janahary aby ianareo noho izany. Isaorana lehibe, Andriamanitra Mpahary, nitantana ny diantsika rehetra nahatongavana eto sy mbola antoky ny fahatanterahan'izao fotoam-pivoriana izao sy ny ho fizotrany hatramin'ny farany.

Izay no ela, fa raha hiroso avy hatrany dia mavesabesatra ihany ny adidy miandry ny Antenimierampirenena amin'ity fotoam-pivoriana ity.

Voalohany amin'izany ny handiniana sy ny handaniana ny volavolan-dalàna hifehezana ny tetibolam-panjakana, taona 2021.

Manoloana ny zava-misy ankehitriny, saro-pady tokoa ny fikatsahana ny fahombiazan'izy io, koa mametraka eo antsoroky ny Solombavambahoaka ny adidy amin'izany.

Faharoa, ao ny vary mangatsiaka toy ny fandiniana ny volavolan-dalàna laharana faha-010/2020 tamin'ny 24 Jona 2020 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du projet de construction d'un pont sur la rivière Mangoky, sur la RN9*».

Fahatelo, ny fandiniana ireo tolo-dalàna miisa efitra (4) napetrak'ireo Solombavambahoaka: Andriamatoa isany RAHOLDINA Naivo Herinantsoina sy DINAH Romuald ary Ramatoa BAVY Michelle Angelica, izay efa lasa Minisitra izy ankehitriny fony izy mbola Solombavambahoaka.

Fahaefatra, ny fandinihana ireo tolo-pehin-kevitra miisa telo (3), ka ny iray amin'ireo no tiako mba tsindriana aminareo Solombavambahoaka ny maha zava-dehibe azy dia ny «Proposition de Résolution n°002-2020/PR portant Code d’Ethique et de Déontologie de l’Assemblée Nationale».

Nandritra izay elanelam-potoana tsy nivoriana izay kosa, nisy hatrany ny asa natao teto anivon'ny Antenimierampirenena toy ny:

- Fandraisana ireo Masoivoho sy Fikambanana ary rafi-panjakana isankarazany;
- Ny fanotronana ireo Solombavambahoaka mpiara-miasa tamin'ny fitokanana ireo asa vitany;
- Ny fiofanana natrehan'ny mpiasa mpandraharaha eto anivon'ny Antenimierampirenena mikasika ny andraikitra ny Vaomiera Maharitra izay niarahana tamin'ny EISA ary ny “Evaluation des Politiques Publiques” niarahana tamin'ny GOOD MADA;
- Ny Fivoriana iraisam-pirenena izay natao tamin'ny alalan'ny teknolojia ampitain-davitra (Visio conférence) toy ny:
 - o Teo anivon'ny SADC-PF;
 - o Ny APF;
 - o ny UIP.
- Farany, izay tsy ny kely indrindra akory dia ny “Atelier sur l’élaboration du Plan National d’Evaluation des Politiques Publiques”, nokarakarain'ny Antenimierampirenena niarahana tamin'ny Fiadidiana ny Repoblika, ny UNICEF, ny PNUD, ny “University of Witwatersrand Johannesburg”, ny CLEAT ary ny CESAG. Izy ireo dia natao tamin'ny alalan'ny “Visio conférence avokoa.

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Raha eo amin'ny raharaham-pirenena kosa, manan-kambara tokoa isika satria hiroso tsy ho ela amin'ny fifidianana indray ny firenena dia ny fifidianana Loholona izany.

Koa hanombohana azy angamba dia mirary soa sy fahombiazana ho an'ireo mpifaninana rehetra amin'izany. Manarak'izany, ao anatin'ny fotoam-panadinana Bakalorea tanteraka isika izao. Mirary soa sy fahombiazana ho an'ireo mpiadina rehetra; na ny mpirotsaka hofidiana na ny mpiadina dia samy deraina avokoa satria samy olona tia sedra, tia fifaninana. Tsy niandry fepetra metimety aminareo ianareo vao sahy niroso, fa na inona na inona zavamisy dia vonona hatrany. Tsy mijoro miandry hahetsika toy ny fanoto ianareo, fa mitady izay sahaza hatrany. Koa mahereza daholo satria tsy maintsy atrehina avokoa izany.

Raha ny mikasika manokana ny fifidianana Loholona tokoa mantsy, misy ny mivoy resaka fa hatao amboletra io fifidianana io. Tsy marina izany, Tompoko, fa ny sasany mihitsy no efa zatra mitady ny mitatao vovonana amin'ny andro mody masoandro, mila voa tsy hary ka tia dongidongy amin'ny tsy antony.

Koa raha izay tokoa aloha dia tsy hifankahazo ohatran'ny vavan'omby manoaka isika, tsy hifankahazo ny tadin-dokanga sy ny resaka satria ny raharaham-pirenena tsy maintsy miroso ary tsy maintsy tsinjovina mandrakariva ny tombotsoam-pirenena sy ny fahaveloman'ny Andrimpanjakana ao anaty Repoblika, kanefa mahita ny andaniny. Tsy mamaly ny ankilany dia toa avo feo tokoa mikasika io resaka fifidianana io, ka heveriko fa sabatra hikapana rano ihany izany.

Ankoatran'izany, eo amin'ny raharaham-pirenena ihany, manolotra fisaorana manokana ny Filohampirenena, Andriamatoa Andry RAJOELINA tamin'ny vikin-dava nasehonao nitety Faritra maro nanatontosa ny asa sy nanatanteraka ny velirano izay nampanantenainao ny vahoaka. Raha resaka fotodrafitrasa aloha, izay minia miki-py sy mody marenina ihany

angamba sisa no tsy mitolagaga, fa maro dia maro tokoa ny efa vita ary mbola mihoatran'izay koa no mbola hatao sy efa manomboka. Araky ny nambaran'Andriamatoa Filoha hoe: afaka fotoana fohy dia ho feno "chantiers" ity Madagasikara ity.

Eto koa dia miarahaba anao, Andriamatoa Filoha, miaraka amin'ny ekipanao fa voafehy ny "covid-19". Noho izany, ny Antenimierampirenena dia maneho fankasitrahana sy fankatelemana ny ezaka rehetra izay nataon'ny Fitondram-panjakana manomboka amin'ny tenanao izay mpitari-tafika; ny Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta rehetra, ireo ratsa-mangaika samihafa toy ny CCO, ny CRCO, ireo mpitsabo sy ny fianakaviamben'ny tafika ary ny mpitandrofilaminana Malagasy ary indrindra, ny olomboafidy akaikin'ny vahoaka, izay tsy iza fa isika Solombavambahoaka; na izany aza, tokony ho mailo hatrany isika rehetra satria mbola miriaria eny anivontsika eny ny "virus". Koa miantso antsika tsirairay avy hanamafy hatrany ny fiarovan-tena na ny "gestes barrières" izany.

Ankasitrahana torak'izany koa ny fijerena akaiky ny olana any Atsimo sy ny fitondrana vahaolana mikasika izany; ny "kere" no tiana ambara amin'izany. Mampanontany tena tokoa mantsy io resaka "kere" any io satria tsy mbola nisy Fitondrana nifandimby ka nahafaonana azy. Ankehitriny anefa, nataon'Andriamatoa Filoha ho laharam-pahamehana ny fitondrana vahaolana momba izany. Amin'izao fotoana izao, andalana ny fametrahana ny rafitra maharitra iray atao hoe: Foibe Famatsiana Sakafo ho an'ny vahoaka any na ny "Centre Nutritionnel Manara-penitra". Anisan'izany koa ny firosoana amin'ny fanajariana ny tany karakaina amin'ny alalan'ny fampiasana teknika vaovao izay misintona rano hanamando ny tany (goûte à goûte). Toy izany koa ireo tetikasa ho famatsiana rano fisotro madio ho an'ny vahoaka any Atsimo izay hotanterahina tsy ho ela (accès à l'eau potable). Araka ny henonay, efa mirohotra mankany Atsimo daholo ny fitaovana hanatanterahana izany fotodrafitrasa izany.

Eto izahay, amin'ny anaran'ny Antenimierampirenena dia mankasitraka ny Profesora VOLOLONTIANA Hanta Marie Danielle manokana, nahavita antsakany sy andavany ny asa nankinina taminy. Manaporofy izany, fa tsy mitsoak'ady ny vehivavy rehefa omena andraikitra.

Mbola betsaka no azo resahana raha eo amin'ny raharaham-pirenena, fa hajanona eo angamba aloha, fa andro hafa koa isika manohy.

Hamaranana azy dia teny atsipy ho an'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka. Nahazo tatitra izahay, fa toa mirongatra ny aretina tazomoka any amin'ny Distrika vitsivitsy any ary anisan'izany ohatra ny Distrikan'i Morafenobe sy Betroka. Toa hoe lany koa ny fanafody manerana ireo CSB II maromaro any an-toerana ka mila vatsiana haingana. Raha efa nahitam-bahaolana izany rehetra izany dia isaorana eto ianareo Minisitera satria mbola ho avy any ihany ny fangatahana sy fandondonam-baravarana any aminareo mikasika izany fahasalamam-bahoaka izany.

Izay no tsy aritra, izay no voaomana, koa hamarana ny lahateny ny tenako.

Hamehezana azy, raha eo amin'ny raharaham-pirenena dia ny dinidinika ao anatin'ny fifanajana ihany no mahatsara fihavanana Tompoko. Aoka hajanona ny fanendrikendrehana sy ny fitadiavana tombotsoa manokana ho an'ny tena, fa aleo ny Firenena iaraha-manana no jerena miaraka. Misy tokoa mantsy no manao toy ny totozy misangy an-davenona, ka ny nataony ihany no nahaditsoka azy kanefa dia ahiliny any amin'ny hafa ny tsy fahombiazany.

Ho antsika Solombavambahoaka kosa, adidy goavana indray no miandry antsika amin'ny fandinihana ity volavolan-dalàna hifehezana ny tetibolam-panjakana, taona 2021 ity. Raha ny lojika vokatr'ireny tsimok'aretina "covid-19" ireny, ny lafiny ara-toekarena sy ny ara-tsosialy no tokony hodinihantsika lalina, fa ireo no tena nitondra takaitra sy mila fanarenana mafy sy matotra ankehitriny. Ilaina tokoa ny fanehoan-kevitra ny mpanohitra sy ny hery afovoany eto anivon'ny Antenimierampirenena mandritra ny fandinihana io volavolan-dalàna io satria hery ny fahasamihafana ara-kevitra, hitondra any amin'ny fanatsarana sy mba ny tena mifanandrify amin'ny filan'ny Firenena no lalàna hivoaka eo. Mahasahy manambara ny tenako fa ny hevitr'ireo "centriste" sy ireo mpanohitra dia raisina ampitiavana mba ahafahana mandrafitra izany tetibola 2021 izany satria tombotsoam-pirenena tokana ihany no hojerena. Ny Solombavambahoaka tokoa no fanehoan-kevitra nahazo ny fahazoan-dalana ara-dalàna na ny "mandat" avy amin'ny vahoaka aloha hatreto. Isika Solombavambahoaka no nahazo izany "mandat" izany, ka inoako fa efa samy nijery sy nandinika ary nanatrika ny "conférence budgétaire" izay nanasan'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola antsika Solombavambahoaka tsirairay avy isika. Isaorana anao, Andriamatoa Minisitry, tamin'ny fanasana.

Araka ny nambara tamin'ny famaranana ny fotoam-pivoriana teo aloha dia miroso hatrany isika amin'ny fanatsarana ny fomba fiasa eto anivon'ity Antenimierampirenena ity, mba ho fanatanterahana ny vina izay napetraka hamerina ny hasin'ity Andrimpanjakana ity. Noho izany indrindra, misy ny "Plan Stratégique de l'Assemblée Nationale de Madagascar" izay efa tapaka teo anivon'ny Birao Maharitra, ka ahitana ireo tetikasa maro mba ahafahantsika manatratra ireo tanjona napetraka tamin'ny fiandohan'ity fe-potoana fanaovan-dalàna ity mba hananana Antenimierampirenena matanjaka, demokratika ary akaikin'ny vahoaka hatrany. Marihana fa io "Plan Stratégique" io dia efa naporitaka tany amin'ny Fahefana Mpanatanteraka, tany amin'ireo mpamatsy vola ary indrindra tany amin'ireo Masoivoho eto amin'ny firenena. Koa arosontsika tsikelikely ny "Dématérialisation des travaux Parlementaires" mba ahafahantsika mitsitsy ireo taratasy sy ny fitaovam-piasana hafa ary hanafainganana ihany koa ny fomba fiasa eo anivon'ireo rafitra samihafa misy eto amin'ny Antenimierampirenena. Koa iangaviana isika Solombavambahoaka mba tsy hisaraka intsony amin'ny "tablette" rehefa mankaty amin'ny toeram-piasana.

Eto, te-hitodika amin'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola izahay amin'ny fijerena famatsiana ara-bola ho fanohizana ny fanamboarana ny trano R+4 ho an'ny Antenimierampirenena. Izany dia mbola tafiditra ao amin'ny fanatsarana ny toeram-piasana sy amin'ny fanomezana hasina ny Antenimierampirenena.

Mandritra ny fiatrehana ny fotoam-pivoriana dia entanina hatrany isika Solombavambahoaka mba hanaja ny fepetra ara-pahasalamana. Tsy maintsy anaovana ny arovava orona ary sasana matetika ny tàmàna na atỳ amin'ny CCI izany na eny amin'ny Lapan'i Tsimbazaza, satria tokoa mantsy araky ny nambaran'ny Filohampirenena tamin'ny Alahady faha-18 Oktobra 2020 lasa teo dia ny fahamehana ara-pahasamana no mijanona, fa ireo fepetra rehetra mikasika ny fisorohana ny fiparitahan'ny valan'aretina dia mbola mitohy.

Mamerina ny fisaorana sy fankasitrahana anareo vahiny manan-kaja, tonga manotrona sy manome voninahitra izao fotoam-panokafana ara-pomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoa fanaon'ny Antenimierampirenena izao izahay.

Tsy ny kely fa ny lehibe, mbola atolotra ny fisaorana ho an'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tamin'ny fanomezana indray ity trano hanatontosana ny fivoriana ity. Ny

fivoriambe no atao etỳ amin'ny CCI-Ivato, fa ny asam-baomiera dia atao eny amin'ny Lapan'i Tsimbazaza ihany.

Samy tsara, samy maivana antsika jiaby.
Misaotra Tompokolahy.
Mankasitraka Tompokovavy.

- Tehaka -

Ho fanajana ny andininy faha-204 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia ambarako fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoan'ny Antenimierampirenena, taona 2020.

- 4 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

Ramatoa FILOHA

Alohan'ny hiatoan'ny fivoriana, toy izao ny fandaharam-potoanantsika manaraka:

- Aorian'izao lanonam-panokafana izao, hivory ny mpikambana ao amin'ny "Groupe d'amitié Madagascar-Chine".

- Ny Alarobia 21 Oktobra 2020, manomboka amin'ny 10 ora, maraina, hisy ny fivorian'ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, hatao ao amin'ny "Salle BP" eny Tsimbazaza; amin'ny 3 ora, tolak'andro, kosa ny fivorian'ny Diniky ny Filoha na ny «Conférence des Présidents» handrafitra ny ho fandaharam-potoana amin'izao fotoam-pivoriana izao; ao amin'ny "Salle des Séances" eny Tsimbazaza no hanatanterahana izany.

- Ny Alakamisy 22 Oktobra 2020, amin'ny 10 ora, maraina, fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolam-pandaharam-potoana izay hatao etỳ amin'ny CCI-Ivato.

Eto ampamaranana dia fifaliana ho anay no manasa antsika, izay nahazo fanasana amin'izany, mba hiara-hiala hetaheta eto amin'ny CCI-Ivato ihany.

Miato hatreo ny fivoriantsika.

Niato tamin'ny 11 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

- Lakolosy -



NY FILOHA

RAZANAMHASOA Christine Harijaona